# Ilay Voa Tsara Nafafy 17 Novambra 2018

# 17 **Asabotsy** novambra

**Fa fahafatesana no tambin'ny ota ; ary fiainana mandrakizay no fanomezam-pahasoavana avy amin'Andriamanitra, ao amin'i Kristy Jesosy Tompontsika.**
Romana 6. 23

**Raha tsy misy ra alatsaka, dia tsy misy famelan-keloka.**
Hebreo 9. 22

**Ny ran'i Jesosy Zanany no manadio antsika ho afaka amin'ny ota rehetra.** 1 Jaona 1. 7

## Fanatitra fahiny

Tia biby i Zoly, ka mampalahelo azy fatratra ny biby atao fanatitra, araka ny nandidiana hataon'ny Zanak'Israely fahiny. Hoy izy nanontany ny rainy : — Nahoana anie Andriamanitra, Izay fitiavana, no nandidy ny olona hamono zanak'ondry e ?

Dia nanazava ny rainy : — Taorianan'ny tsy nankatoavan'ilay olona voalohany, dia tafiditra teto amin'izao tontolo izao ny fahafatesana, araka izay nambaran'Andriamanitra tamin'i Adama (Genesisy 2. 17). Ka noho ny fahadisoan'ny olombelona, dia ny voary manontolo, na ny biby aza, no niharan'ny voka-dratsy nateraky ny ota, ary anisan'ireny vokatra ireny ny fijaliana sy ny fahafatesana. Nandidy ny vahoakany Andriamanitra hamono biby hatao fanatitra, mba hampisehoany fa tiany homena mpisolo ny olona, tiany homena mpisolo hizaka ny famaizana sahaza ny fahotana.

Ary ny fanatitra rehetra natao fahiny dia samy nanambara mialoha *ilay fanatitra faratampony*, dia ny fanatitra hataon'i Jesosy, Ilay Zanak'ondrin'Andriamanitra. Ireny fanatitra ireny dia nanambara fa tsy maintsy hilatsaka eo amin'ny hazofijaliana ny ran'i Jesosy, ary tsy maintsy hanolotra ny ainy Jesosy, mba hamafany ny fahotana. Izy Jesosy no Ilay „Zanak'ondrin'Andriamanitra, Izay manaisotra ny fahotan'izao tontolo izao" (Jaona 1. 29). Izy no ambara amin'ny hoe : „Tahaka ny zanak'ondry entina hovonoina" (Isaia 53. 7).

Isaky ny nisy ran-janak'ondry nilatsaka, dia tao an-tsain'Andriamanitra ilay fanatitra mampihoron-dra tsy maintsy hataon'Ilay Zanany malalany. Hitany ny ran'i Jesosy hilatsaka mba hanadio ny olona ho afaka amin'ny fahotany.

Koa tsy fanehoana hasiahana mihoapampana tsy akory ireny famonoana biby atao fanatitra ireny, fa kosa fampisehoana mialoha ny fitiavan-dehibe itiavan'Andriamanitra ny olona mpanota.